Harem-pirenena 2
**Ahiana mbola hitohy ny gaboraraka**

8 Marsa andron'ny vehivavy 3
**Zavadehibe ny fifamenoana eo amin'ny lahy sy ny vavy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 8 martsa 2022 Laharana 1271 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Depiote Todisoa Andriamampandry 2
**Nanohana ireo tantsaha sy ny tanora teny Anosibe Zaivola**

Birao politika sy ny TIM Toamasina 2

## Niara-nidinika amin'ny fiomanana haka fahefana indray



Antoko TIM Toamasina 2

## Ny senatera teo aloha R. Jacky no filoha lefitra




Raha mbola te hirotsaka 3

## Tsy maintsy hametra-pialana Rajoelina afaka 18 volana



Tsy fandriampahalemana 6

## Omby 237 lasan'ny dahalo miaramila sy sivily iray voatifitra



**Rugby** 6
**Nivoaka ny lisitr'ireo Makis U20 miisa 46**

**Sahatsiho Antsirabe** 7
**Mbola tsy hita ilay tovolahy lasan' ny rano hatramin'ny zoma teo**

**Daka kely**



Ndeha hankalaza ny andron'ny vehivavy koa zany nareo ry Boaikely ? Hafahafa a

ANTOKO TIM TOAMASINA

## Ny senatera teo aloha R. Jacky no filoha lefitra

Ny senateran'i Madagasikara teo aloha Randriantsalama Jacky, na Jacky Manambola, no notendrena hitarika ny antoko TIM amin'ny Faritanin'i Toamasina teo aloha. Tsy mora ny andraikitra miandry azy satria, ny fanomanana ny fifidianana ho avy no anisan'ny miandry azy sy ireo ekipa rehetra miaraka aminy, any amin'ny faritra Atsinanana, Analanjirofo ary Alaotra Mangoro. Tamin'ny fihaonana teo amin'ireo solontenan'ny antoko TIM avy any Toamasina sy ny filoha Marc Ravalomanana, nifampiarahaba tratry ny taona ny zoma teo, no nampahafantarana izany fanendrena izany. Nanambara ny filoha lefitry ny antoko TIM amin'ny Faritanin'i Toamasina, Jacky Manambola fa tsy an-draraka ilo mby an-doha amin'ny fampiroboroboana ny antoko najoron'i Dada, ary amin'ny hakana fahefana indray.

**Niaina**



*Ny filoha lefitra nasiônalin'ny antoko TIM amin'ny Faritanin'i Toamasina, Jacky Randriantsalama.*

Birao politika sy ny TIM Toamasina

## Niara-nidinika amin'ny fiomanana haka fahefana indray

Niara-nikaondoha tetsy Bel'Air Ampandrana ny faran'ny herinandro teo ny avy amin'ny antoko TIM Toamasina, sy ny birao politika nasiônalin'ny antoko, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasiônaly Jean Claude Rakotonirina. Nambaran'ny sekretera nasiônalin'ny antoko Rina Randriamasinoro fa:" faly tokoa ny tena raha nitafa sy nidinika niaraka tamin'ireo mpikambana ato anatin'ny antoko TIM avy any Toamasina. Tsy nataon'izy ireo ho sakana raha ny halaviran'ny toerana, noho ny tombontsoa iombonana. Nisy moa ny fifampiarahabana nahatratry ny taona tao anatin'izany sy ny fizaram-baovao isankarazany fa teo ihany koa ny fanomezana toro-marika, ho fanatsarana ny antoko, indrindra ny dinika mahakasika ny paikady hoentina miomana amin'ny fifidianana ho avy". Nivoitra tamin'ny fihaonana, fa vonona ho amin'ny fakana fahefana indray ny antoko TIM Toamasina miaraka amin'ny birao nasiônalin'ny antoko.

**Stefa**



*Ny fihaonana teo amin'ny birao nasionalin'ny antoko TIM, sy ireo mpitarika ny antoko avy any Toamasina.*

Antoko Arema

## Nanolotra fanomezana ho ana mpilalao rugby

Nanolotra fanomezana ho ana mpanao rugby ny antoko Arema. Vory lanona teny Faravohitra ny alahady teo, ireo mpiangaly baolina lavalava avy amin'ny boriboritany 6 avy eto Antananarivo. Tonga nanolotra ireo fanomezana ny avy amin'ny antoko Arema. Baolina lavalava iray isaky ny klioba no natolotry ny antoko ho an'ireo mpanao fanatanjahantena ireo, klioba 30 no nisitraka izany. Nanolotra izany ho azy ireo ny sekretera nasiônalin'ny Antoko, Ramatoa Annick Ratsiraka. Nankasitraka izao fifanomezan-tanana izao ireo mpanao fanatanjahantena ireo ary nilaza fa manantena ary vonona tanteraka amin'ny fanohizana ny fiarahamiasa amin'ny antoko Arema izy ireo. Antenaina hoy ny filohan'ny fikambanan'ny mpanao rugby eto Antananarivo renivohitra, fa hitohy amin'ny fikarakarana fifaninanana izao fiarahamiasa izao . Ankoatra izay ny fanentanana ireo tanora amin'ny fandiovana ny tanàna tahaka ny efa natao teo aloha. Ho fanamafisana ny fiarahana dia hisy ny fiarahana mamboly hazo eo amin'ireo tanora Arema sy ny Mpikatroka baolina lavalava, izay hatao ny 13 Martsa izao any Katsaoka Imerintsiatosika. Manodidina ny 200 eo ireo mpanao rugby hiatrika izany ary hanatevin-daharana azy ireo ny rantsamangaikan'ny Antoko Arema.

**Niaina**



*Ny lanonana teny Faravohitra ny alahady teo.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ahiana mbola hitohy ny gaboraraka amin'ny harem-pirenena

Efa manova ny fiheveran'ny olom-pirenena ankehitriny ny zava-misy eo amin'ny fiainam-pirenena. Fiheverana izay mifototra amin'ny tsy fifampitokisana intsony amin'ny fitondrana. Manoloana ny fanokafana ny sisintany sy habakabak'i Madagasikara nanomboka ny 5 martsa lasa teo ilay fanehoan-kevitra. Manahy mantsy ireo manana izay fiheverana izay, ny amin'ny ahiahiny ny hitomboan'ny baranahiny kokoa noho ny teo aloha tao anaty ny nambara ho fanakatonana ny sisintany sy ny habakabaka noho ny hamehana ara-pahasalamana sy ady amin'ny valanaretina covid-19. Niaraha-nahalala tsara mantsy ny amin'ireo bolongam-bolamena maromaro amin'ny kilao mivoaka migorobaka ny seranam-piaramanidina ka any ivelany vao tratra tato anatin'ny taona vitsy izay. Malaza amin'ireny ny raharaha volamena voageja atsy Afrika atsimo, sy ny ao amin'ny Nosy kaomôro, sns. Hatramin'izao tsy mbola hita ny tohiny sy ny iafaran'ny raharaha ary ny fitondrana zary tsy andrenesam-peo.
Santionany amin'ny raharaha famoahana ny harem-pirenena sarona ireo, fa ny olom-pirenena dia mahafantatra tsara ny amin'ny fahamaroan'ireny mivoaka eto amin'ny firenena. Manaporofo izay, ny fanadihadiana natao tamin'ireo olona tratra tatsy amin'ny Nosy Kaomôro, izay nanambara, fa efa imbetsaka ny tenany no nivezivezy tao momba izay resaka bizina maloto izay. Midika tsotra izao izany, fa mbola tantely afa-drakotra ny harem-pirenena, ary efa nandritry ny taona maromaro izany.
Raha ireo sarona ireo fotsiny anefa no mba nandeha tamin'ny ara-dalàna ka nisitraka azy ny firenena dia efa nahafahana nanetsika asa fampandrosoana lehibe teto ary nahita tombontsoa ny mponina. Raha araka izany anefa, dia olom-bitsy, anaty tambazotra ihany no mamoaka ireny harem-pirenena ireny ary izy ireo ihany no migoka ny tombontsoa amin'izany. Tsy rariny sy tsy hitsiny izany, kanefa dia mangina ny tomponandraiki-panjakana hatrany amin'ny filohan'ny Repoblika, ary tsy hita izay fepetra hentitra raisina hiadiana amin'izany fampahantrana ny firenena izany.
Nosokafana ny sisintany sy ny habakabak'i Madagasikara, ary ny eo amin'ny lafiny fitandroana ny ara-pahasalamana ihany no nanaovana filazana be dia be. Tsy re araka izany izay fepetra hentitra noraisina hisorohana ny tsy isian'ny famoahana harem-pirenena an-tsokosoko intsony toy izay efa isy teo aloha sy mandraka ankehitriny aza. Mazava loatra raha mitoetra ny ahiahin'ny olom-pirenena momba izany.

**Sôh'son**

Depiote Todisoa Andriamampandry

## Nanohana ireo tantsaha sy ny tanora teny Anosibe Zaivola

Tsy natao hanao lalàna fotsiny, na hanao tatitra amin'ny vahoaka nifidy azy ihany ny solombavambahoaka hoy ny solombavambahoaka Todisoa Andriamampandry voafidy teny amin'ny boriborintany faha-6 Ambohimanarina, tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), fa nijery ny fahasahiranan'ny mponina ihany koa. Namaly ny fitarainan'ny mponina teny amin'ny fokontany Anosibe Zaivola sy ny manodidina iny ity solombavambahoaka ity satria miavosa ny tsikafona, ary sahirana ny mponina amin'ny fiampitana ka nanolotra lakana ho an'ity fokontany ity ankoatry ny fanamboarana vavarano izay nisedra olana ihany koa. Notolorana coupe ihany koa ireo tanora lahy sy vavy teo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena. Nahazo akanjo ihany koa ny mpikabary satria malaza amin'izany kabary izany ity fokontany ity. Fotoambe teny an-toerana ny Alahady teo satria fanokafana ofisialy io ka tsinjaka niaraka tamin'ny bapamba no nanamarihana izany. Tomefy olona teny an-toerana ary nambaran'ity solombavambahoaka ity fa hitohy isan-kerinandro ny hetsika satria fanamby efa nataony ny hijery ny olan'ny mponina sy hanampy azy ireo.

**Rajo**



## Ny Valosoa sy hadihady

### Raha mbola te hirotsaka

# Tsy maintsy hametra-pialana Rajoelina afaka 18 volana

Herintaona sy tapany na 18 volana sisa dia tsy maintsy hametra-pialàna ny filohan'ny Repoblika Rajoelina Andry, raha mbola mihevitra ny hirotsaka kandidà ho Filohan'ny Repoblikan'i Madagsiakara indray. Raha atao anefa ny tomban'ezaka eo amin'ny zavabitan'ny fitondrana ankehitriny eo amin'ny sehatra rehetra dia tsy misy zavatra mivaingana azo tsapain-tànana satria mandroso mihemotra toy ny diam-poza izay atao rehetra. Tsara foana ny mampahatsiahy izay fampanantenana nataon-dRajoelina Andry fony izy kandidà tamin'ny fifidianana ny taona 2018, na taorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny didy tsy azo ivalozana fa izy no lany mba tsy hijabaka indray ny mpifidy amin'ny taona 2023. Zavatra nirentirenty nanaitra maso sy fihetseham-po no hita teny amin'ireo takelaka dokam-barotra sy ny "écrants géants" ary ny fiarakodia misy fandefasana "video". Ankoatr'ireny ny kabary mampatory mitsangana sy ny fizarana "teeshirt", na kasikety, sns,… Azo inoana mantsy fa mbola toy izay ihany no hitranga, efa manomboka sahady moa izany amin'izao fotoana izao. Nampanantenaina ny any amin'ny Faritra Avaratry ny Nosy fa hatsangana ny "Tranoben'ny Lavanila" ary hampiakarina avo telo heny ny vidin'ity vokatra fanondrana ity. Tsy fantatry ny vahoaka marina fa tsy afaka mametra ny vidin'ny lavanila izy satria ny eo amin'ny sehatra ny varotra iraisam-pirenena no manana fahefana amin'izany. Izay ny tany Avaratra fa teto afovoantany, Faritra Vakinankaratra, dia nampanantenaina ny tantsaha fa hisy hividy ny vokatra legioma ary hanangana ozinina hanodina sy hanao am-by fotsy ary hanondrana any ivelany izany Rajoelina Andry. Hiteraka asa maro ho an'ny tanora koa izany. Ny hany vitany dia ny nizara kara-tany iray hektara sy masomboly ary trano fonenana ho an'ny tanora zato mahery tao Antsoatany. Ampahafirin'ny tanora ao amin'ny Faritra Vakinankaratra izany tanora zato mahery kely izany ary ny vokatra efa misy any an-toerana aza tsy hita izay hanaovana azy, ka tsy nitondra fampandrosoana na ho an'iza na ho an'iza izany. Nokasain-dRajoelina Andry nototofana ny tanimbarin'ny mponina eny Ambohitrimanjaka ary neveriny nafindra monina tany Bevoay kanefa mirazotra tamin'izany ny saika nanomezana ny tanimbary enina alina hektara ho an'ny Arabo. Raha tanteraka ireo tetikasa tsy voasaina ireo dia azo ninoana fa nifanjevo tamin'ny ady tany ny mpiavy, ny avy eny Ambohitrimanjaka sy ny Arabo, sy ny tompon-tany. Teto an-drenivohitra dia notohizany ny fanarenana ny Rovan'i Manjakamiadana izay nokasaina novaina ho "Rovan'i Madagasikara" ny anarany ary nararaotina natsangana antsokosoko tao anatin'ny fotoana fohy ny "Colisée". Niteraka fanoherana mivaivay ireo teo-javatra mifanohitra amin'ny kolontsaina sy ny ny soatoavina nataon'ny fitondrana ireo. Satria tsy manam-bola entina mitsidika izany Miami sy Paris izany ny ankamaroan'ny Malagasy dia nampanantenain-dRajoelina Andry fa hatao mitovy amin'itsy voalohany ny tanànan'i Toamasina ary amin'ny faharoa ny tanànan'Ambatondrazaka. Amin'izao fotoana izao dia ravàna ny tranon'olona any amin'ny toerana hanorenana ny Miami ao Toamasina ary miteraka fitarainan'ireo mponina iharan'izany ataon'ny mpitondra izany. Ny ao Ambatondrazaka indray dia mbola manainga zipo ny vehivavy rehefa mandeha eo amin'ilay toerana nampanantenainy fa hanarapenitra ny fotodrafitrasa nampanantenainy fa haorina eo amin'izany toerana izany. Tany Toliara dia nampanantena "piscine olympique' sy kianja baolina kitra manarapenitra izy kanefa amin'izao fotoana izao dia ny Kianja Maître Kira sy ny "piscine" teo aloha tsy azo ampiasaina intsony no mbola ao. Raha miresaka ny any Atsimon'ny Nosy dia tsy aza adino ny "puces" sy ny "drone" ary ny angindimby miisa folo entina miady amin'ny asan-dahalo. Mitohy ny fampanantenana ataon'izao fitondrana izao kanefa ny teo aloha aza tsy mbola nisy vita na najanona mihitsy, ka tsy misy azo antenaina intsony ato anatin'ny herintaona sy tapany na dia mirehareha fa mahavita manavao (rehabilitation) trano roa ao anatin'ny roa andro aza amin'izao fotoana izao. Tsy ny mpitondra irery anefa no nahavita izany fa mbola niantso "tànamaro" tamin'ny nanatontosana azy.

***Andry Tsiavalona***

8 Marsa andron'ny vehivavy

# Zavadehibe ny fifamenoana eo amin'ny lahy sy ny vavy

Fanapahankevitrin'ny Firenena Mikambana ny nampisy ny 8 Marsa andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy, Madagasikara toy ireo firenena rehetra manerantany dia mankatoa io vaninandro io, ary mankalaza tsy tapaka ny 8 Marsa, ireo mpitondra nifandimby dia samy nanaiky ny mahaandro tsy fiasana io andro io ho an'ny vehivavy.

**MANANA NY LANJANY NY VEHIVAVY AO ANTOKANTRANO**

Ny renimpianakaviana no mifoha voalohany ao antokantrano ary izy no matory farany,ny renimpianakaviana no maharaka amin'ny antsipiriany ny fiainan'ny ankohonany ,ny ditraditra kelin'ny ankizy,ny fahasalaman'ny zanaka, ireo adidy madinidinika tsy maintsy atrehina eny amin'ny fiarahamonina sns.
Tsy matanjaka toy ny lehilahy ny reny, saingy faran'izay maharipery satria na ny mitondra vohoka sy miteraka aza dia tsy ho vitan'ny lehilahy mihitsy, maro aza ireo lehilahy no mandositra rehefa hiteraka ny vadiny, hatramin'ny ranomasonjaza dia mbola ny reny no mahatanty izany.

**NY RENY NO MAHAFIRENENA NY FIRENENA**

Reny no fototeny niavian'ny teny hoe '' Firenena '', midika izany fa manana ny anjara toerany ny vehivavy eto amin'ny firenena, satria izy ireo no kitro ifaharan'ny fanabeazana ny zaza, eo amin'ny fiainampirenena dia voaporofo izany fa rehefa mandia fotoantsarotra ny firenena dia hita taratra izany any amin'ny fahasahiranan'ny vehivavy mitady izay atokona ao ambilany, voamarika ihany koa fa rehefa ny vehivavy no miraikiraiky amin'ny vahiny, dia ilay firenena mihitsy no anjakan'ny vahiny.

**8 MARSA FANKALAZANA ISANTAONA**

Misy isantaona ny fankalazana ny 8 Marsa, miseho amin'ny endriny maro izany, toy ny fisian'ny fandaharana maro amin'ny haino amanjery sy lahatsoratra amin'ny gazety, mikasika ny vehivavy ,ankoatr'izay dia fahita koa ny fihetsiketsehena toy ny filaharambe, kabary, fotoampivavahana, loabary andasy, samy mifantoka amin'ny anjara toerana sy zo ary andraikitrin'ny vehivavy avokoa ireo, ny fomba fanao efa mahazatra dia izay vehivavy manana andraikitra ambony eto amin'ny firenena na ny vadin'ny tompon'andraikitra ambony no atao mpitarika ny hetsika sy omena fitenenana.
Samy manana ny lanjany sy ny toerany na ny lahy na ny vavy, tsikaritra fa nahazo vahana tao anatin'ny taona vitsivitsy izay ny teny hoe 'Miralenta '',raha ny heviny arabakiteny dia fitoviana lenta eo amin'ny lahy sy ny vavy , kanefa dia aleo tsorina fa samy manana ny mahaizy azy ny roa tonta,tsy izay rehetra vitan' nylehilahy dia ho efan'ny vehivavy avokoa, toy izany tsy misy hafa koa ny vehivavy izay manana ny mampiavaka azy manokana izay, tsy hampisongadina ny lehilahy velively .
Mifameno tanteraka ny lahy sy ny vavy ary efa lamina voajanahary ny fifanampiana eo amin'ny roa tonta, fa raha tontosa izay fiarahamiasa izay any amin'ny isantokantrano, dia hilamina sy handroso ny firenena.

***Ny Valosoa***

RANDRANA SENDIKALY

# Manohitra ny fampitahorana atao amin'ny mpiasan'ny Cnaps

Mitaky ny famotsorana ny filohan'ny sendikan'ny mpiasan'ny Cnaps izay notazonina nanomboka tamin'ny zoma lasa teo tetsy amin'ny "Brigade criminelle" Polisim-pirenena Anosy ny Randrana sendikaly.Nilaza I Andriamatoa Rakotomanga Barison mpitarika ny Randrana sendikaly fa tsy ara-drariny ny fisamborana ny filohan'ny sendikan'ny mpiasa satria tokony nanao fifampiresahana sy fampitandremana ny tompon'andraikitrin'ny Cnaps alohan'ny nandefasana ny mpiasa eny amin'ny Polisy ary mitombina ny antsoantson'ny Randrana sendikaly mikasika ny fandaniam-poana ny volan'ny Cnaps ataon'ny mpitantana raha toa ka hatolotra ny fampanoavana ity filohan'ny sendikan'ny mpiasan'ny Cnaps ity.Nanohy fanazavana ity mpitarika ny Randrana sendikaly ity fa tsy ekena ny fampihorohoroana ny



*Ireo avy amin'ny Randrana Sendikaly.*

solontenan'ny mpiasan'ny Cnaps sasany izay nohidiana ao anatin'ny birao mba ahafahan'ny Polisimpirenena manatanteraka fanadihadiana ary raha misy ny olana arak'asa eo amin'ny roa tonta dia tokony nandefa "Demande d'explication" ny mpitantana na koa nahazo fampiantsoana avy amin'ny Polisim-pirenena ny mpiasan'ny Cnaps raha nisy ny fitoriana nataon'ny mpitantana.Nanamafy I Andriamatoa Rakotomanga Barison fa mitaky fanazavana amin'ireo solontenan'ny mpiasa miisa 8 ao amin'ny filankevimpitantanan'ny Cnaps mikasika ny fahamarinan'ny fanambarana nataon'ny filohan'ny sendika manoloana ny tombotsoa mihoam-pampana ho an'ny Tale jeneralin'ny Cnaps ary tsy rariny raha toa ka mangina sy tsy miaro ny tombotsoan'ny mpiasan'ny Cnaps ireo solontenan'ny mpiasa eo anivon'ny "Conseil d'administration" ireo.Tsiahivina fa nosamborina ny filohan'ny sendikan'ny Cnaps miaraka amin'ny mpiasa miisa 2 hafa raha nilaza amin'ny alalan'ny tambajotra-tserasera fa mitentina 25 000 000 Ar ny karaman'ny Tale Jeneralin'ny Cnaps,11 000 000 Ar ny hofatranon'ity farany,2 000 000 Ar ny "Prime"ary taorian'ny fanadihadiana nataon'ny Polisim-pirenena dia nalefa nody ireo mpiasan'ny Cnaps miisa 2 ary mbola voatazona kosa ny filohan'ny sendikan'ny mpiasa hatramin'ny Alatsinainy teo.Nilaza anefa ny mpitarika ny Randrana sendikaly fa tokony hisy fanadihadiana lalina ny famoaham-bola ao amin'ny Cnaps raha toa ka mitombina ity loharanom-baovao ity satria mambotry ny volan'ny mpiasa Malagasy ny zavatra tahaka izao raha sanatria ka mbola mitohy.

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### Tena hoe "fotoana izao"

Ireo mpitondra nanao ratsy, hatreto, tsisy mba voatana,
Fa toa ny olon-tsotra hatrany no alefa am-pigadrana.
Efa feno ny any am-ponja saingy ny hany aiditra any
Dia ny avy amin`ny fanoherana na ny ambany hatrany hatrany.

Raha vao ny "olona vaventy" no manao ny hadalana,
Dia tsotsorina amin`ny hoe: apetraho ny fialana.
Tsisy alefa mba higadra , tsisy alefa hanefa sazy.
Tena afera tsisy tohiny fa mazàna "vita ho azy"!

Na koa tampotampoka eo dia re fa hoe tafaporitsaka,
Ary any ivelany any no indreny fa mifitsaka.
Misy sasantsasany aza, mbola akarina girady,
Na koa mbola omena andraikitra eo anivon`ny ambasady !

Mbola tsisy toy izao nandritry ny enimpolo taona,
Fa ny ataon`ireo mpitondra , efa tapitra mivaona.
Tena tsisy zava-banona noho ny resa-politika.
Fitsarana manahoana koa no misy eto amintsika ?

Tena hoe "fotoana izao" ka aoka tsisy hanaiky intsony
Ny hadalana sy hagegena ataon`ireo mpitondra ambony.
Tena hoe "fotoana izao" mba hitakiana fanovana.
Mirosoa ry Malagasy difotry ny fahantrana !

***DADAN`i ZINA (06-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**)Ny sasany avy amin'ireo Vehivavy TIM Analamanga tany Foulpointe Toamasina II, nialohan'ny handraisany anjara amin'ny matson'ny 8 martsa anio ao Toamasina.**







**Ny sasany amin'ireo mpiaro ny zon'olombelona any amin'ny faritra Menabe.**








**Ny antoko Arema, nanolotra fanampiana ho an'ny mpanao rugby teny Faravohitra.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny birao nasiônalin'ny antoko TIM, nihaona tamin'ny mpitarika ny antoko TIM Toamasina ny faran'ny herinandro teo, tao Bel'Air.









Ny haratsian'ny lalampirenena faha-5, Toamasina-Foulpointe. Nolazaina fa efa nisy fanamboarana izany, potika anefa izany ankehitriny.









Faritra Menabe

# Tafatsangana ny rafitra mpanara-maso ny zon'olombelona

Notanterahana ny herinandro teo ny fifanaovan-tsoniam-piaraha-miombon'antoka amin'ny fanatanterahana ny tetikasa Rary Aromada, ka tafatsangana ny rafitra mpanaramaso ny zon' olombelona. Isan'ireo faritra sivy iasan'ny tetikasa Rary Aromada ny faritra Menabe, ka natsangana ny vondrona mpanaramaso ny fampiharana ny zon'olombelona, izay misandrahaka amin'ireo distrika dimy ato amin'ny faritra. Mizara telo mazava ny asa ho ataon'ireo vondrona tanora ireo, ka mijery ireo tranga tsy fanajana ny zon'olombelona sy manao fana dihadiana ary ny fitakiana ny fampiarana ny lalàna. Ny Ong code Menabe no mitan-tsoroka ny fanatanterahana ity tetikasa Rary Aromada ity, izay hiara-hiasa amin'ireo tanora nahazo fiofanana ary hifanome tanana amin'ireo tomponandraikitra eto an-toerana ; antsitra-po no hanaovan'ireo tanora ny asa fa ny Rary Aromada kosa no miantoka ny hoentimanana hatontosany ny asa izay atao.



Ny sasany amin'ireo mpiaro ny zon'olombelona any Menabe.

***Rajepa***

FJKM Ambohitrony Mananara

# Ezaka manaraka ny fampitaovana ny Akany

Nisongadina nandritry ny fetin'ny taranaka faritra voalohany, izay misy ny tanànan' Andriampamaky sy Ambohijanaka ao amin'ny Fjkm Fitandremana Ambohitrony Mananara, Synodamparitany Antananarivo atsinanana, ny alahady lasa teo ny ezaka fampitaovana ny Akany eo an-toerana toy ny latabatra, seza, lovia sy sotro sns… ihany koa. Raha tsiahivina, dia ny volana Novambra lasa teo no nitokanana ity Akany ity ka ny Filohan'ny FJKM, ny Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, Mpitandrina, no tonga nitokana izany. Ny ezaka fetin'ny taranaka mitohy toy ny volana May ho an'ny faritra Ambohitrony, ny volana Jona ho an'ny faritra Ambohibary sy Soavinandriana, ny volana Jolay ho an'ny faritra Tsarasaotra sy Ampiadinombalahy, ary atambatra amin'ny volana Aogositra dia ezaka fampitaovana ny Akany avokoa raha ny nambaran'ny biraon'ny fiangonana, Randriamaromanana Ranaivoson, nandritry ny tatitra izay nataony tamin'ireo mpino kristiana tonga niombom-bavaka teny an-toerana. Nahatratra enina hetsy sy iray tapitrisa ariary mahery mantsy ny vola voaangona ny Alahady 06 Martsa lasa teo. Mitohy ny ezaka hoy ny mpitandrina eo an-toerana, Rakotoarimanana Auguste ka tsy voatery ho vola ihany, fa azo atao koa ny manolotra fitaovana. Marobe ny kristiana tonga nivavaka tao amin'ny FJKM Ambohitrony Mananara ny alahady lasa teo. Voahaja ny fepetran'ny hamehana ara-pahasalamana ary nofaranana tamin'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo sy fiarahamisakafo ny fotoana teny an-toerana.


Ny FJKM Ambohitrony Mananara.

***Rajo***

Fifidianana Federasiona Kick Boxing

# Nisy ny tsy nahazo vato tamin'ireo kandidà 4

Tontosa soa amantsara tetsy amin'ny ANS Ampefiloha tamin'ny alahady 06 martsa 2022 lasa teo ny fifidianana izay ho filoha vaovao hitantana ny taranja Kick Boxing Malagasy mandritra ny 4 taona manaraka. Kandidà 4 mirahalahy no nifaninanana tamin'izany ary ligim-paritry ny kick boxing niisa 9 no nandatsa-bato ka nisy tamin'ireo kandidà 4 ireo izay niisa 2 tsy nahazo vato mihitsy na dia iray aza dia ny kandidà Boto Gilbert sy ny kandidà Razafimandimby Fernad José. Nametrahan'ny maro an'isa fitokisana kosa ka lany ho filohan'ny Kick Boxing vaovao na dia kandidà tokana tsy nanambara ny nampisitraka kick boxing azy toy ireo kandidà 3 hafa aza ny Jeneraly Lylison René de Rolland nahazo vato 5 ary faha-2 nanaraka azy ny kandidà Vital Serge nahazo vato 4. Ireto kosa ireo olona hiaraka aminy amin'izany fitantanana izany izay tsy nofidiana intsony noho ny fivoahan'ireo kandidà hafa ny trano fandatsaham-bato : Filoha lefitra 1 : Maminiaina Jolce, Filoha lefitra 2 : Rabenatoandro Willy, Sekretera Jeneraly : Rakotomanga Harilala Fandio, Mpitam-bola : Jeannie Bama Emie.


Ireo kandidà nahazo vato be indrindra tetsy Ampefiloha.

***Rainilita***

Sahatsiho Antsirabe

# Mbola tsy hita ilay tovolahy lasan' ny rano hatramin'ny zoma teo

Mbola tsy hita hatramin'izao ilay tovolahy lasan'ny rano ny zoma teo tany Sahatsiho Antsirabe, faritra Vakinankaratra. Tovolahy miisa roa no voalaza fa natelin'ny reniranon'i Sahatsiho akaikin'i Tsinjoarivo, ao anaty ny fokontany Tsinjorano kaominina renivohitra Antsirabe ny marainan'ny zoma 04 martsa tamin'ny 07 ora. Haka vilon'omby no dia ho alehan'izy ireo no tra-doza raha niampita ny rano. Olona teny amin'ny manodidina no nahita ny nahalatsaka an'ireo tovolahy ireo ary niantso ny fokonolona teny an-tanàna. Rehefa natao ny fikarohana dia avotra soamantsara ny tovolahy iray, ny iray kosa mbola tsy hita hatramin'ny omaly 07 martsa 2022. Mbola mitohy ny fikarohana ataon'ny fokonolona sy ny fianakaviany.

***Stefa***

Tarika Romy Myrah

# Notaomin'ny Fanahy Masina hitory Filazantsara an-kira



Efa nihirahira ihany teo aloha, fa rehefa notarihan'ny Fanahy Masina izay nanolo-tsaina azy no nahatonga ny hirona amin'ny fitoriana Filazantsara an-kira. Ny 22 desambra 2021 no niforona ary ny tarika Romy Myrah. Teo ny talenta napetrak'Andriamanitra tao anaty, ary hita sy tsapa ho nahafinaritra ka natao ilay izy, hoy Romy lehiben'ny tarika. 10 mianadahy no mandrafitra ny tarika: 3 vavy, 7 lahy.
Saiky ataon'ny tarika avokoa ny gadona (variété) rehetra izay velona eto Madagasikara, fa misy ihany ireo vitsivitsy tsy ataony, izay mahasarika ny tanora ankehitriny ny sasany, toy ny gadon-kira Rap. Tanjon'ny tarika ny hampiely ny vokatry ny talenta nomena azy manerana ny Nosy, ary irina hahatratra hatrany ivelany ihany koa izany, mba hipetraka any anatin'ny fon'ny Malagasy ny hirany sy ho fitoriana ny filazantsara amin'ny alalan'ny hira. Eo am-piketrehana ny hamoahana ny rakikirany ny tarika ankehitriny izay kasainy havoaka ny faramparan'ny volana aprily izao raha sitrapon'Andriamanitra. Rakikira izay hahitana hira 10.
Koa satria zanaky ny fiangonana FJKM Ambodihady Vaovao Ambohimanarina ny tenany sy ny tarika entiny, dia misy ny fiaraha-miasa akaiky amin'izy ireo, toy izay natao tamin'ny fotoam-bokatry ny Sampana Sekoly Alahady ao an-toerana ny Alahady 27 Febroary tolakandro lasa teo.
Misokatra ho an'ny fiangonana kristiana rehetra ny tarika amin'ny fiaraha-miasa. Ny fifandraisana aminy dia ny: 034 43 880 50.

***Aris***

Rugby

# Nivoaka ny lisitr'io Makis U20 miisa 46

Navoakan'ny Malagasy Rugby ankehitriny ireo mpilalao miisa 46 « Présélecitonnés » ho fantenana handray anjara amin'ny Trophy Barthés 2022.

1-Raharisaminana Tahiana (Pilier) Usa Ankadifotsy,
2-Raoarantonirina Hervé (Pilier) Asa Ambohimanarina,
3-Razafindramavo Willisse (Pilier) Toamasina,
4-Ramanambitana Eloi Luciano (Pilier) Toamasina,
5-Rakotomanana Safidy Niaina Cyprien (Pilier) 2 Arc Amoron'i Mania,
6-Rakotonirina Gervais (Pilier/2è ligne) Soe,
7-Mamitahiana Jerry Manoella (Talonneur) Ftat,
8-Ranaivonamanantsoa Heroll's Brian (Piler) Toamasina,
9-Andriamasinjanahary Lanja Fiononantsoa (Pilier) Us Ikopa,
10-Andrianatrehina Paul Marino (Tallonneur) 3Fai,
11-Razafindrahaja Tongasoa Tsilavina (Tallonneur) Fbm,
12-Rakotoniaina Johann Anael (Tallonneur) Uasc Cheminot,
13-Randriamasinavalona Todisoa Sebany (2è ligne) Tmaa,
14-Rakotonandrasana Fanomezantsoa (2è ligne) Tfa,
15-Rakotosalama Bienvenu Angelo (3è ligne) Rfc Lalamaty,
16-Rakotovao Alain (3è ligne) 3Fai,
17-Randrianoelina Donnah Donin (3è ligne) Ftba,
18-Rakotoniaina Flosy Tsiorinirina Marcel (2è ligne) Ftm Manjakaray,
19-Rakotonandrasana Avotriniaina (3è ligne) Ftba,
20-Randriamantena Tojosoa Harifetra (3è ligne) Crai,
21-Andrianantenaina Jean Luc (3è ligne) Fta Anjanahary,
22-Raharinosy Fanomezantsosa Sandratra (3è ligne) Ftba,
23-Fanomezantsoa Gilbert (3è ligne) Usa Ankadifotsy,
24-Andriamihaja Safidy Anjarasoa (3è ligne) Cosfa,
25-Randriamanantenasoa Heriniaina (3è ligne) Usa Ankadifotsy,
26-Ramaroson Philibert Sederick (Demi) Usa Ankadifotsy,
27-Rakotoson Fiononana Rolland (Demi) 3Fai,
28-Rajaonarivony Setraniaina (Ouverture) Cosfa,
29-Rasolofoniaina Hery Njaka (Ouverture) Us Ikopa,
30-Rabemananjara Andriniaina Asghary Ismaël (Ouverture) Uasc Cheminot,
31-Randrianarivelo Tahiana Eric (Ouverture) 2 Rca Amoron'i Mania,
32-Dinazara Fitahiana Ferdinand (3è ligne) 2 Rca Amoron'i Mania,
33-Randrianaivo Guy Ernest Henri (1er Centre) Usa Ankadifotsy,
34-Ramahavita Ives Fabio (Arrière) Usa Ankadifotsy,
35-Andriamasinoro Noelson (Centre/Arr) Cpi Isotry,
36-Ramanantsoa Jean Nantenaina Tonny (Ailier) Cosfa,
37-Rakotonasolo Fanekena Charles (Demi) Tmaa,
38-Razafimandimby Sendrasoa Jimmy Clark (Ailier) Cosfa,
39-Andrianiaina Louis Jessy Noël (Arrière) Brca,
40-Tojoniaina Zacharie Alain José (Ailier) Toamasina,
41-Hasina Nomenjanahary Elson G (Arrière/Ouverture) 3Fai,
42-Rajoanarivelo Andoniaina Tanjona (Arrière) Toamasina,
43-Ranaivomandimbisoa Nomenjanahary Tanjona (Ailier) Ftat,
44-Rakotonirina Flosi Tahiry Ronald (Centre) Jsm,
45-Rakotondrazaka Rojo Nirina (Centre/1er C) Toamasina,
46-Rakotoniaina Sitraka José Michel (Ailier) Usa Ankadifotsy.

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/03/2022 hatramin'ny 12/03/2022**

- **SOANDRY** (Behoririka prÈs de Luxor) 020 22 228 37/ 034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1271-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TSY FANDRIAMPAHALEMANA**

# Miaramila sy sivily iray voatifitra, omby 237 lasan'ny dahalo

Nitrangana fanafihan-dahalo ny marainan'ny zoma teo, tokony tamin'ny 5 ora maraina, tao amin'ny fokontany Behamontsy kaominina Ambanivohitr'I Andimaky distrikan'i Belo ambonin'i Tsiribihina, ka dahalo manodidina ny 50 lahy mirongo basy, no nandroba ka omby 237 no lasan'ireo dahalo, roa kosa ny olona voatifitra ka sivily ny iray izay maty raha naratra kosa ny miaramila iray , tsy sahy nanaradia ny fokonolona, fa mbola niandry mpitandro filaminana izay sahirana mamonjy ity kaominina ity noho ny haratsian'ny lalana.
Marihina fa misy miaramila roa miasa ao an-toerana saingy tsy tao an-toerana ny iray fa lasa tany Morondava. Tato ho ato dia mahazo vahana ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny distrikan'i Belo /Tsiribihina ary maro ireo aina nafoy, vokatr'izany, tsy misy vahaolana entin'ny mpitondra foibe afa-tsy ny fanoloana ireo olom-boatendry hatreto. Raha mangina sady tsy hahenoana feo no tsy tazana kosa ny solombavambahoaka izay voafidy tao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina, koa manao antso avo ireo vahoaka, mba hijerena vahaolana maharitra mikasika izao tranga izao ary takian'izy ireo koa ny hamelana ireo olom-boatendry ao an-toerana hiasa, fa tsy soloina isaky ny enim-bolana, satria isan'ny niasa sy nampilamina ohatra ny lebehin'ny Distrika teo aloha, fa noho ny kajikajy politika dia nosoloina, ka izao ny vokany, hoy ireo olona tafaresaka tamin'ny mpanao gazety. Lasa sorona ny vahoaka.

***Rajepa***



*Distrika be omby eto amintsika i Belo-Tsiribihina, anisan'ny mampirongatra ny halatr'omby any an-toerana.*

Vola vita amin'ny metaly

# Nampiady olona ny fampiasana ny vola 50 Ar



*Vola vita amin'ny metaly 50 Ar.*


Misy ireo manontany amin'izao fotoana, mbola manankery ve ny vola vita amin'ny metaly 50 Ar sa tsia. Maro be ireo mponina lavi-toerana no tsy mahalala intsony hoe mbola manankery sa tsia ny vola 50 Ar amin izao fotoana izao? Ny zava-nitranga dia, nampiady mpanjfa sy mpivarotra teny Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo teny izy io ny faran'ny herinandro teo, satria raha namerim-bola ny mpivarotra dia Vatomamy kely iray no namenoany ny vola fameriny, gaga ilay mpiasa mpanampy fa tsy nividy vatomamy izany ka sao bedin'ireo mpampiasa fa ajanony, tsy nanaiky ny mpivarotra fa io izao ny atao hoe vola 50 Ar raha ny fanaon'ny olona. Tezitra ny mpampiasa ilay zazavavy, ka lasa izy nankeny amin'ny mpivarotra, mody nividy aro vava sy orona, dia vola ariary zato sy vatomamy 2 no natolony ka gaga ny tompon'ny tsena hoe: fa ahoana? dia hoy ilay rangahy: ireo ny vatomamy 2 ariary zato sy vola ariary zato lasa roanjato famomezanareo anay, ka mba raiso koa sao miady eo isika , kanjo lasa totohondry ka hoy ireo nanatrika hoe: ny fanjakana no diso amin'izao, fa mba milamina e! Niaiky ny rehetra, ka samy niteny fa raha mbola tsy mazava io vola vy na taratasy io dia Ra-fanja manara-penitra no tompon'antoka amin'ny ady eo amin'ny mpivarotra sy ny mpanjifa.

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 386**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0385)

***Mitsivalana***
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

***Mitsangana***
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

**TENY MIFANAPAKA** **N° 386**




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomanao **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

### Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

**1.**Mandà - Foza (miv) **2.** Efaina **3.** Naina - Ana **4.** Ak(o) - Anana **5.** Ray - Nikalo (miv) **6.** Nafarana **7.** Anao - Fe (miv) **8.** Aizat? - Taona **9.** Nivory - Ma (miv) **10.** Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

**A** Menarana **B.** Afaka - Iny **D.** Nay - Izany (miv) **E.** Dina - Avana (miv) **F.** Ana - Afo (miv) - Fo (miv) **G.** Alaotra **H.** Rana (miv) - Tia (miv) **I.** Zanaka **J.** Manenina (miv) **K.** Fy - Mafana (miv)

## NY TENY FIAINANA

*"Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo".*
***Romana 8:28***

### ORANGE PRO LEAGUE 2021/2022

# Mijanona ho laharana voalohany ny Fosa Juniors Boeny

Tontosa tamin'ny asabotsy 5 sy alahady 6 martsa 2022 lasa teo ny andro faha-11 amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022" karakarain'ny CFEM izay nahazoana vokatra toy izao : Uscafoot 1-1 Ajesaia, Tia Kitra Fc 1-0 Five Fc, Fosa Juniors Fc 2-1 Jet Kintana, As Fanalamanga 1-0 Cosfa, A.Dato Fc 3-1 Jfc Toliara, Disciples Fc 2-2 Zanakala Fc, Elgeco Plus 8-3 3Fb Toliara, Mama Fca 0-0 Cffa. Vokatr'izay dia lasa ny Elgeco Plus indray no mitarika an'isa vonjimaika manana isa 20 (+10) arahin'ny Disciples Fc isa 19 (+9) sy ny Cffa isa 18 (+6) ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" ary ao amin' ny vondrona "Conférence Nord" kosa dia mijanona ho lohalaharana hatrany ny Fosa Juniors manana isa 29 (+18) arahinan'ny As Fanalamanga isa 17 (+2) sy ny Cosfa isa 16 (+1) ka ny fahefatra ao amin' ny "Conférence Sud" no hifanandrina aminy amin' ny 1/8-ndalan'ity fifaninanana ity. Marihina fa nahatafiditra baolina voalohany tao amin'ny OPL i Dimitry Caloin mpilalao vaovao'ny Fosa Juniors tamin'ity andro faha-11 ity.

***Rainilita***



*Ny Fosa Juniors Boeny ankehitriny.*

### Tsipy kanetibe 2022

# Nosokafana ôfisialy teny Tongarivo Tanjombato

Nosokafana tamin'ny fomba ôfisialy, tamin'ny sabotsy 05 martsa 2022 lasa teo teny amin'ny Boulodrôme Fitaratra eny Tongarivo Tanjombato, ny taom-pilalaovana 2022 ho an'ny taranja tsipy kanetibe Malagasy tantanan'ny FSBM. Mazava loatra fa ny filohan'ny Fsbm amperinasa, Andriamilerovason Amiroudine, sy ireo mpiara-dia aminy ao anatin'ny federasiôna niaraka tamin'ny fianakaviambeny mpiangaly an'ity taranja ity rehetra (mpitsara, mpananazatra, mpilalao, mpankafy) ary indrindra indrina ireo mpanohana ôfisialin'n Fsbm dia ny Star sy ny Telma no nitarika an'izany lanonana izany. Nisy ny lahateny namintinana ny zava-bitan'ny mpilalao sy ny lalana nodiavin'ny tsipy kanetibe Malagasy tamin'iny taona 2021 nataon'ity filoha ity sy ny namaritany ny miandry ny rehetra amin'ity taona 2022 ity. Nambarany ihany koa fa mbola misy vola tsy voaefan'ny Malagasy tamin' ireny "hebergement" tany Espagne ireny ka mety hahavoasazy ny tsipy kanetibe malagasy raha tsy voaloha haingana. Notsiahiviny ihany koa ny amin'ny fangatahan'ny tontolon'ny tsipy kanibe Malagasy ny amin'ny tokony hananany "Boulodrôme nasiônaly" hahazoana mandray ny Lalaon'ny Nosy 2023 ho tanterahina eto Madagasikara. Farany dia nambaran'ny filohan' ny Fsbm fa nahavita ny AGO an'izy ireo niarahana tamin'ny ligim-paritry ny tsipy kanetibe miisa 8 manerana ny nosy ity Federasiôna ity tamin'ny zoma 04 martsa 2022 lasa teo ka nisongadinan'ny mbola fahatokisan'ireo ligy 100% ny mpitantana ny Fsbm am-perinasa.



*Mpilalao nahazo amboara teny Tongarivo.*

Notoloran'ny solombavambahoaka voafidy teny Atsimondrano lelavola 500.000 ar manokana i Faneva tompondaka eran-tany teo amin'ny fifaninanana "tirs de precision 2022" tany Espagne ary 300.000 ar kosa hoan'izy 3 mirahalahy tompondaka lefitra maneran-tany 2022 niaraka taminy.

Toy izao kosa ireo vokatry ny fifaninanana natao tamin'ity fanokafana ôfisialy ny taranja tsipy kanetibe malagasy ity :

Seniors Hommes nahitana mpandray anjara olo-3 niaraka niisa 174. Voalohany nibata ny 1.000.000 ar ny Club FAM nisy an'i : Avotra, Ranoa, Many nandresy ny ekipan'ny BICAmbohimahasoa nisy an'i : Rams, Nary, Pendy tamin'ny isa 13-11.

Seniors Dames nahitana mpandray anjara olo-3 niaraka niisa 29. Nibatana ny fandresena ka nahazo ny 300.000 ar ny ekipan'ny BIC Ambohimahasoa nisy an'i : Nadia, Do, Navalona nandresy ny ekipan'ny PAC nisy an'i: Tense, Mirana, Felana tamin'ny isa 13-06.

Sokajy Jeunes nahitana mpandray anjara olo-3 niaraka niisa 29 ihany koa. Nibata ny amboara sy ny lelavola 300.000 ar ny ekipan'ny C2BA nisy an'i : Gony, Ravaka, Rinoh nandresy ny mpiray ekipa aminy C2BA nisy an'i : Tiana, Andry, Gobba 13-09

Sokajy Vétérans nahitana mpandray anjara olo-3 niaraka niisa 27. Tafavoaka ho mpandresy ka nahazo ny lelavola 300.000 ar ny ekipan'ny VESPA nisy an'i : Mamy, Edmond, Navalona nandresy13-11 ny ekipan'ny BOENY MISOMA nisy an'i : Edmond, Honoré, Michel.

Toy izao kosa ireo Fandaharam-potoanan'ny fifaninanana nasiônaly 2022 karakarain'ny Fsbm :

– Championnat de Madagascar tête-à-tête : 4, 5, 6 avril 2022
– Coupe de Madagascar triplette : 17 et 18 juin 2022
– Championnat Ligue : 9 et 10 juin 2022
– Championnat de Madagascar triplette seniors Hommes : 2 au 4 septembre. 2022
– Grand Open triplette toute catégorie : 27, 28 août et 1, 2 octobre. 2022

Fandaharam-potoana iraisam-pirenena handraisan'i Madagasikara anjara :

– Championnat du Monde au Danemark seniors hommes et dames doublette, tête à tête et Mixte du 11 au 14 mai.
– Championnat du Monde triplette seniors Homme au Bénin en décembre.

Mikasika ny fandraisan'anjaran'ny mpilalao Malagasy amin'ity fifaninanana iraisam-pirenena ity dia nomarihan'ny filoha'ny Fsbm teny Tongarivo Tanjombato teo fa ireo mpilalao nandray anjara tamin'ny « Championnat national » na ireo Tompondakan'i Madagasikara nivoka tamin'ny « Championnat » eto antoerana ihany no afaka misolontena an'i Madagasikara any amin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena handraisan'ny Malagasy anjara ka anisan'izany ireo « Championnat du Monde » voalaza etsy ambony ireo.

Ireo mpilalao mpila ravinahitra any ivelany kosa, hoy hatrany izy, rehefa te hisolontena an'i Madagasikara amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena izy ireo dia tokony handray anjara amin'ny « Championnat national » aty Madagasikara.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




Fon-kenomby saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Saosy voatabia sy tongolo no hafangaro amin'ny fon-kena, hasiana sakamalaho koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana mangana, na vakivaky amin'ny molotra sy tarehy

Fomba fanalana mangana, na vakivaky amin'ny molotra sy tarehy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Molotra mainty , simba , vakivaky , tarehy mangana na feno tasy, afaka hampiasaina ireto:

- Tamotamo poudre 1 sotro kely + jus de citron 1 sotro kely, afaka soloina tantely koa ilay jus de citron , afangaro ireo dia ahosotra amin'ny molotra na tarehy. Avela eo 30 min dia fafana amin'ny servieta, izay vao sasana amin'ny rano matimaty . Afaka atao in-2 isan'andro mandrapahafaka ilay tasy.
- Huile d' amande 1 sotro kely + tantely 1 sotro kely ahosotra amin'ny molotra , avela eo mandritra ny 30 min avy eo sasana amin'ny rano.
- Fadio ny manao lokomena rehefa manao ireto fomba fanao natoro anao ireto.



TEO ALOHA TATY AORIANA

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Soanenga any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Soanenga any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Soanenga ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy, tanàna manakaiky ranomasina. 26 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny voanio na coco, ny voanjo. Mpanjono ihany koa ny mponina any Soanenga.

